# FID'actus

n°13 • Desambra / Décembre 2022

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

www.fid.mg




© FID Manakara


Tarehimarika ............................................................ 2

*Chiffres clés*

Tapatapany ............................................................ 4

*Brèves*

« Afaka manaraka ny fianaran-janako aho rehefa nianatra namaky teny sy nanoratra. » ..................... 5

*« Je peux enfin suivre la scolarité de mes enfants après avoir appris à lire et à écrire.»*

Haratonaina fiahiana mpiara-belona : fampandrosoana ny mahaolona mifanaraka amin'ny lokanady ara-tontolo iainana .................................. 6-7

*Les filets sociaux de sécurité : un développement humain en accord avec les enjeux environnementaux*

Tsena be *FIAVOTA* ........................................................ 9

Fanontaniana 3 ho an'i / *3 questions à* Razafiharisoa Cynthia ..........................................................................10

Ireo antony tsy mampandroso ny kontinanta afrikana.............................................................................12

*Les raisons du sous-développement du continent africain*

# Chiffres clés

**86%**


Pourcentage des enfants en âge d'être scolarisés au primaire issus de familles bénéficiaires des TMDH et qui fréquentent l'école au moins 80% du temps de classes

**2 362** ha

Surface (re)boisée dans le cadre des activités de filet de sécurité productif

**76%**

Femmes bénéficiaires




**98**

Nombre de plans de gestion du paysage élaborés de manière participative

**27 941**
ménages

Bénéficiaires des transferts monétaires en milieu urbain

**886 508**
ménages

Bénéficiaires des programmes de filet de sécurité

**148 047**
ménages

Bénéficiaires des programmes de filet de sécurité – Argent contre travail

# Ny tenin'ny... Tale Jeneraly

Mitodika amin'ny fampandrosoana maharitra ny olombelona, ny Fonds d'Intervention pour le Développement (FID) dia mandray anjara amin'ny fiarovana sy fitsinjovana ny tontolo iaianana. Amin'ity laharana faha-13 ity dia horesahana manokana ireo fomba fanao tanterahina miaraka amin'ireo *« mpisitraka mandray andraikitra »* amin'ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona izay mifandraika amin'ireo lokanady ara-tontolo iaianana : fambolen-kazo, fiarovana nofon-tany, fikarakarana ny fako,ady amin'ny doro-tanety... Nifanandrify tamin'ny COP 27, Fihaonamben'ny Firenena mikambana momba ny fiovan'ny toetrando, tao Egypta tamin'ny volana novambra, dia nisy mpiara-miasa teto anivon'ny FID nahazo fanamafisana fahalalana sy fahaiza-manao mikasika io lohahevitra io.

Misehatra hatrany amin'ny fizaràna ireo fahaiza-manao sy fanitarana ny fiaraha-miasa ny FID. Nandritra izay telo volana farany izay izahay dia nandray anjara tamin'ireo fifanankalozana nasionaly na iraisam-pirenena mifandray amin'ny fiahiana ny mpiara-belona, ny toetrandro sy ny tontolo iainana. Hita ato amin'ity takelak'ita ity ny mikasika izany.
Amin' ny anaran'ireo mpiara-miasa rehetra eto amin'ny FID, isaorako etoana ny Fitondram-panjakana Malagasy, ny Ministera rehetra mpiara-miasa aminay, ireo mpiray ombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, indrindra ny Banky irasam-pirenena, ary ireo mpisehetra rehetra, ao anatin'izany ireo *« mpisitraka mandray andraikitra »*, tamin'ny fiaraha-miasa nahomby sy namokatra tamin'ity taona 2022 ity.
Mirary taona vaovao, ho soa sy tsara, feno fifampitsinjovana sy fahombiazana maharitra ho an'ny rehetra.



Jaona ANDRIANANTENAINA
*Tale Jeneraly / Directeur Général*
*Fonds d'Intervention pour le Développement*

# Le mot du... Directeur Général

Axé sur les résultats de développement humain durable, le Fonds d'Intervention pour le Développement (FID) est actif dans la protection et la préservation de l'environnement. Dans ce numéro 13, nous parlerons des pratiques adoptées avec les ***« acteur-bénéficiaires »*** dans les programmes de protection sociale en accord avec les enjeux environnementaux : reboisement, protection des sols, gestion des déchets, lutte contre les feux de brousse ... Coïncidant avec la COP 27, Conférence des Nations Unies sur les changements climatiques, en Egypte au mois de novembre, une équipe du FID a bénéficié d'un renforcement de capacité sur la thématique.

Engagé continuellement dans le partage des savoirs et l'élargissement des partenariats, durant ce dernier trimestre, le FID a participé aux échanges nationaux et internationaux en lien avec la protection sociale, le climat et l'environnement. Nous rapportons également ces activités de ce bulletin.
Au nom des tous les collaborateurs du FID, je remercie le Gouvernement malagasy, les différents Ministères, les partenaires techniques et financiers, en particulier la Banque mondiale, ainsi que toutes les parties prenantes dont les « acteur-bénéficiaires », de leurs collaborations productives durant cette année 2022.
Je souhaite à toutes et à tous une année nouvelle sous le sceau de la bienveillance mutuelle et de la prospérité durable.

# Tapatapany

## Fanatanterahana ireo Haraton'aina : Fizarana ny traikefa malagasy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena

**Nanatontosa dia fianarana teto Madagasikara ny kaomorianina.** Ekena eo amin'ny sehatra rejionaly ny fahaiza-manao malagasy, amin'ny alalan'ny FID - Fonds d'Intervention pour le Développement. Tamin'iny volana oktobra iny dia nisy andiana fifanakalozana nifanesy teo amin'i Kaomorosy Madagasikara. Hoan'ny kaomorianina dia fotoana iray nahafahan'izy ireo nanamafy ny fahaiza-manaony eo amin'ny fanatanterahana ny tetikasa Haraton'aina ny dia. Ny tanjona dia ny haka lesona amin'ny traikefan'ny FID mikasika ireo tantsoroka, izay hetsika fampivoarana manohana ireo vatsy ara-bola. Nifampizarana ihany koa ny fomba fitantanana ireo fandoavam-bola sy ny fikirakirana ara-haitao ara-kajy mirindra ireo antontan-kevitra momba ny fandaharanasa.

**Azo atao fitaratra ny traikefan'ny Rwanda.**
Mba hisintonana lesona mikasika ny fanatanterahana ireo Haraton'aina dia nitsidika an'i Kigali ny Ministeran'ny mponina, ny fiahiana sosialy ary ny fampivoarana ny vehivavy sy ny FID. Fotoana iray nahafahana nianatra mikasika ny fahaiza-manaon'ny firenena miteny anglisy iray. Tsiahivina fa i Madagasikara dia mpikambana amin'ny tambajotran'ireo mpanatanteraka vatsy ara-bola miteny frantsay. Nahaliana ny delegasiona malagasy tany ny fomba fanaon'i Rwanda amin'ny fitsongana ireo ankohonana misitraka ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona sy mikasika ny fitondrana tsara tantana. Fotoana iray ihany koa nahafahana nizara mahakasika ireo Haraton'aina iny dia iny.

**Nandray anjara tamin'ny fihaonambe iraisam-pirenena ny malagasy.** Natao tao Montpellier ny 05 hatramin'ny 07 oktobra ny Desertif'actions izay miompana amin'ireo fanamby momban'ny fanjarian-tsakafo sy ny haintany ary mandroso ny agroekolojia ho vahaolana. Io fomba fambolena iray io dia ampiarina amin'ireo haraton'aina, indrindra ao amin'ny fandaharanasa *Asa Avotra Mirindra*. Nifampizarana nandritra ity fihaonana iraisam-pirenena ity ihany koa ny vokatra tsara azo amin'ny *Fiavota*, izay fandaharanasa vatsy ara-bola mampivoatra ny fototra maha-olona any atsimo. Nandray anjara tamin'ireo dinika fifampizarana sy trano heva fampirantiana isika malagasy.

# Brèves

## Mise en œuvre des filets sociaux de sécurité : Partage de l'expérience malagasy à l'échelle internationale

**Le voyage d'études comorien en terre malagasy.** Au niveau régional, l'expertise malagasy, à travers le FID – Fonds d'Intervention pour le Développement, se reconnait. Au cours du mois d'octobre, une série d'échanges s'est tenue entre Les Comores et Madagascar. Il s'agissait pour la partie comorienne d'un voyage d'études pour renforcer leur compétence dans la mise en œuvre du Projet Filets Sociaux de Sécurité des Comores. L'objectif était de capitaliser les expériences du FID en s'enquérant des méthodes et des bonnes pratiques sur les « mesures d'accompagnement », les actions de développement qui soutiennent les transferts monétaires. La gestion des paiements ainsi que la digitalisation des données sur les programmes ont également été au centre des partages.

**L'expérience rwandaise comme référence.**
Afin de tirer des leçons pour l'implémentation des Filets Sociaux de Sécurité, le Ministère de la Population, de la Protection Sociale et de la Promotion de la Femme ainsi que le FID se sont rendus à Kigali. Ce voyage a été une occasion d'apprendre de l'expertise d'un pays anglophone, Madagascar étant membre du réseau francophone des praticiens en transfert monétaire. Les pratiques du Rwanda en matière de ciblage des ménages bénéficiaires des programmes de protection sociale et de bonne gouvernance ont été constatées par la délégation malagasy. C'était aussi une occasion de faire un partage sur les filets de sécurité.

**La participation malagasy au sommet international multi-acteurs.** Desertif'actions s'est tenu du 05 au 07 octobre 2022 à Montpellier pour se pencher sur les enjeux de la sécurité alimentaire et de la sècheresse en mettant en avant l'agroécologie comme solution. L'approche agroécologique est adoptée dans le cadre des filets sociaux de sécurité, notamment dans *Asa Avotra Mirindra*, les filets sociaux productifs. Les résultats positifs de *Fiavota*, le programme de transfert monétaire pour le développement humain dans le Sud ont également été partagés lors de cette rencontre internationale. La participation malgache s'est effectuée à travers une intervention en conférence et la tenue d'un stand d'exposition.




**RAVAONIRINA Alphonsine**

*Mpisitraka / Bénéficiaire Asa Avotra Mirindra*

*Ambohimasina, Arivonimamo, Itasy*

« Afaka manaraka ny fianaran-janako aho rehefa nianatra namaky teny sy nanoratra. »

*" Je peux enfin suivre la scolarité de mes enfants après avoir appris à lire et à écrire."*

*« RAVAONIRINA Alphonsine no anarako, mpisitraky ny Asa Avotra Mirindra eto Ambohimasina, Distrikan'i Arivonimamo aty amin'ny Faritra Itasy aho. Tamin'ny fotoana nidirako ho isan'ireo mpisitraka ny fandaharanasa Asa Avotra Mirindra dia mbola tsy nahay namaky teny sy nanoratra aho ».*

Anisan'ireo hetsika fampivoarana hiantsorohana, sy asa tanterahina ao anatin'ny *Asa Avotra Mirindra* ny fampianarana mamaky teny sy manoratra ary mikajy ho an'olon-dehibe. Omena ireo mpisitraky ny fandaharanasa ireo hetsika ireo mba hahafahan'izy ireo miroso hatrany ho amin'ny fihatsaram-piainana.

*« Resy lahatra tanteraka aho fa tena ilaiko izany fampianarana izany ka dia nazoto nandranto fianarana aho. Maro ireo tombontsoa azoko tamin'izany. Ny tena mahafaly ahy manokana dia ny fahafahako manaraka ny fianaran-janako. Taloha mantsy ny reniko no manao sonia ireo valina fitsapan-pahaizan'izy ireo. Ankehitriny kosa dia efa afaka manantanteraka izany andraikitro izany aho ary miara-paly amin'ireo zanako manoloana ireo ezaka izay ataony eo amin'ny fianarany. »*

*« Mon nom est RAVAONIRINA Alphonsine, je suis une bénéficiaire de Asa Avotra Mirindra, le programme de Filets Sociaux Productifs à Ambohimasina, dans le District d'Arivonimamo de la région Itasy. Lorsque j'ai rejoint Asa Avotra Mirindra, je ne savais ni lire ni écrire. »*

L'alphabétisation des adultes est une des actions de développement accompagnant les travaux dans le cadre de *Asa Avotra Mirindra*. Ces actions, appelées également mesures d'accompagnement, sont prodiguées aux ménages bénéficiaires en vue d'améliorer de façon durable leur qualité de vie.

*« Sans aucune hésitation, je me suis alors inscrite à ces cours d'alphabétisation. J'en ai tiré beaucoup d'avantages. Je suis particulièrement ravie de pouvoir suivre la scolarité de mes enfants. Auparavant, je devais faire appel à ma mère pour signer les copies et les bulletins scolaires de mes enfants parce que je ne comprenais pas ce qui y était écrit. Maintenant, je peux enfin assumer ma responsabilité et apprécier avec mes enfants le fruit de leurs efforts. »*

# **Haraton'aina fiahiana mpiara-belona :** fampandrosoana ny mahaolona mifanaraka amin'ny lokanady ara-tontolo iainana.

*Amin'ny alalan'ny tetikasa Haraton'aina fiahiana mpiara-belona, dia afaka misitraka fiahiana sosialy ireo mponina tena marefo eto Madagasikara mba ahafahany mampitombo ny sanda-tohiny. Ankoatra ny lokanady ara-tsosialy, ny fiahiana mpiara-belona dia afaka mandray anjara amin'ireo hetsika mamaly sy mifanaraka amin'ny fiovan'ny toetrandro sy ny fiarovana ny tontolo voajanahary.*


© FID Manakara

*Mahavokatra tsara ireo legioma amin'ny voly miantona*

**Ny rafitra ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy eo amin'ny fanatanterahana ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona.**

Ireo mpisitraka ny fandaharanasa dia mandray hetsika fampivoarana isan-karazany mba hanamafisany ny fahaiza-manaony sy hirosoany amin'ny fihatsaram-piainana. Ny fanatanterahana izany dia manaraka ny rafitra ara-tontolo iainana sy ara-tsosialin' (CES) ny Banky iraisam-pirenena, izay mifehy ny hetsika amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fitoniana ara-tsosialy. Ireo hetsika fampivoarana ireo dia manomboka amin'ny fampivelarana ny zaza madinika, ny fanentanana mahakasika ny fahadiovana sy fidiovana ary ny fahasalamana, ny fampivoarana ny fahaiza-manaon'ny olon-dehibe amin'ny alalan'ireo fanofanana ao amin'ny *"Sehatra Mahasoa"*. Isan'izany ny fianarana mamaky teny sy manoratra ary mikajy, ny fianarana mitantam-bola, ny fampiatiana ara-pamokarana, ny fananganana asa fivelomana ... Mahazo fahalalana mikasika ny fitantanana ny fako, ny ady amin'ny doro tanety, ny fambolen-kazo, sns ihany koa ireo mpisitraka. Ny firosoana amin'ireo hetsika ireo dia manova ny rafitra sy ny fomba fiasa misy eo amin'ny vondrom-piarahamonina eo an-toerana, koa miova araka izany ihany koa ny fifandraisany amin'ny tontolo voajanahary.

**Fomba famokarana mifanaraka amin'ny fiovan'ny toetrandro.**

Ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona dia mandray anjara amin'ny fanavaozana ny tontolo iainana sy ny fihatrehana ny fiovan'ny toetrandro. Nampiofanina ary mampihatra ireo fomba fambolena mifanaraka amin'ny fiovaovan'ny toetrandro ireo mpisitraka. Isan'izany ny fampiasana ny zezika voajanahary na koa ny teknika fanatsarana ny famokaran'ny tany toy ny zezika harona. Hitandroana ny tontolo iainana dia entanina ireo mpisitraka amin'ny fiarahana mitantana sy ny fampiasana ireo karazana zava-maniry tsy manimba ny voly.

Ho an'ny *Asa Avotra Mirindra* manokana, dia misy ireo asa hiarovana ny ala, amin'ny alalan'ny fambolen-kazo, sy hanarenana ny tany. Maherin'ny 2.300 Ha ny velaran-tany nambolena hazo. Mba hiarovana ny nofon-tany tsy ho simba sy ho fitehirizana ny karbônina, dia notanterahina ny fanajariana ny tany mifanaraka amin'ireo fepetra fiarovana ny rano sy ny tany. Efa hampiharin'ireo mpisitraka ihany koa ireo fomba fitahirizana sy fanodinana ny vokatra ary ireo teknika fikajiana ny rano.

Noho ny fitomboan'ny vokatra afaka hoanina sy hamidy ary ny fisian'ny ny angovo ilaina amin'ny andavandro, dia tsikaritra ny fitandroana ny harena voajanahary any amin'ireo faritra hanatanterahana ireo fandaharanasa.

# Les filets sociaux de sécurité : un développement humain en accord avec les enjeux environnementaux

*A travers le projet Filets Sociaux de Sécurité, les populations les plus vulnérables de Madagascar bénéficient des programmes de protection sociale pour renforcer leur capacité de résilience. Au-delà des enjeux sociaux, la protection sociale peut jouer un rôle dans la réponse à l'adaptation au changement climatique et à la préservation des milieux naturels.*

**Un cadre environnemental et social dans la mise en œuvre des programmes de protection sociale.**

Les programmes mettent à disposition de ses bénéficiaires une panoplie d'actions de développement pour renforcer leur compétence et les encourager vers le bien-être. Leur mise en œuvre se conforme au Cadre Environnemental et Social (CES) de la Banque mondiale qui régit les actions en matière de préservation de l'environnement et de la paix sociale. Ces actions de développement commencent depuis l'apprentissage des soins à apporter dès la petite enfance, les sensibilisations sur l'hygiène et la santé, le développement des compétences des adultes à travers des formations dans les espaces de bien-être ou « *Sehatra Mahasoa* » : alphabétisation, éducation financière, inclusion productive, création d'activités économiques ... Les bénéficiaires acquièrent également des savoirs sur la gestion des déchets, la lutte contre les feux de brousse, le reboisement... Les structures, les organisations et les modalités de fonctionnement déjà en place dans les communautés locales s'en trouvent impactés et, avec eux, le rapport avec les milieux naturels.



© FID Manakara

*Les bénéficiaires de Asa Avotra Mirindra sur le chantier école*

**Des pratiques productives adaptées au changement climatique.**

Les programmes de protection sociale contribuent à la régénération des écosystèmes et à la résilience climatique. Les bénéficiaires sont formés et adoptent des pratiques agricoles adaptées au changement climatique. Il s'agit du développement des cultures intelligentes, l'utilisation des engrais naturels ou encore des techniques de gestion de la fertilité, à l'exemple du basket compost. Afin de mitiger la perte de la biodiversité, les bénéficiaires sont encouragés à adopter la gestion intégrée des nuisibles et à utiliser des variétés de plantes non envahissantes.

Particulièrement pour *Asa Avotra Mirindra*, des activités de conservation des forêts, par le reboisement, et de restauration de paysages sont implémentés. Plus de 2.300 Ha de surfaces ont été reboisées. Pour protéger les surfaces contre l'érosion et la séquestration de carbone, les terrains sont travaillés et aménagés (agroécologie ...) avec des mesures de conservation de l'eau et du sol. La conservation et la transformation des produits agricoles ainsi que l'utilisation des techniques de valorisation et de récupération des ressources en eau sont également adoptées par les bénéficiaires.

Devant la disponibilité de nourriture, du bois pour l'énergie et des produits de rente, les pressions sur les ressources naturelles sont perceptiblement réduites dans les zones d'intervention.

# Tsena be FIAVOTA






© Manda Andriamampianina / FID

Notanterahina tao Ambovombe ny 14 sy 15 septambra 2022 ny ***«Tsena Be Fiavota».*** Hetsika iray tafiditra ao anatin'ny tetikady amin'ny fivoahan'ireo mpisitraka ny fandaharanasa *Fiavota.* Fotoana iray ihany koa nahafahana nanome lanja sy namondrona ireo Reny Mahomby miisa 655, izayheverina ho mendrika indrindra amin'ireo 2.970 ao amin'ny fandaharanasa.

Nanomboka tamin'ny 2016 no notanterahina tamina distrika 6 ao amin'ny faritra Anosy sy Androy ny *Fiavota* ary vinaina hifarana amin'ny 2023. Mba hanamafisan'orina ireo vokatra tsara azo sy hiantsorohana ny fahavitan-tenan'ireo mpisitraka dia nisy ny tetikady fivoahana novolavolaina. Izy io dia mikendry ny hampifandraisana ireo « mpisitraka mandray andraikitra » amin'ny tsena sy fiaraha-miasa samihafa.

Tamin'ny alalan'ny ***« Tsena Be Fiavota »***, dia afaka naneho ny fahaiza-manaony ireo Reny Mahomby ary nivarotra ireo vokatra azo tao amin'ny fandaharanasa. Fotoana iray nahafahan'izy ireo nanakaiky sy nifandray tamin'ireo sampan-draharaham-panjakana tany an-toerana koa iny. Ireto farany moa dia nanolotra fiofanana momba ny fahasalamana, ny fambolena sy fiompiana ary ny fanabeazana ny ankizy mba hamenoana ny fahalalan'ireo mpandray anjara. " *Nahafahanay nampitombo ny fahalalanay ny fifampizarana. Hiezaka izahay hizara izany amin'ireo mpisitraka hafa any amin'ny fokontany misy anay tsirairay avy* ", hoy ny iray tamin'ireo Reny Mahomby.

Nahazo fitaovana momba ny fambolena sy famokarana ihany koa ireo Reny Mahomby ireo nandritra ity hetsika ity, toy ny angady, fitaovana fanondrahana, lapelina, masomboly... Izany fanomezana izany dia mikendry ny hampaharitra ny fandaharanasa sy hanatrarana ny fahavitan-tena ara-tsakafo..

## Tsena be FIAVOTA

**« Tsena Be Fiavota »** a été organisé à Ambovombe les 14 et 15 septembre 2022. Cet événement s'inscrit dans le cadre de la stratégie de sortie des bénéficiaires du programme Fiavota. L'événement a aussi été l'occasion de valoriser et de réunir les 655 mères-leaders considérées comme étant les meilleures parmi les 2.970 du programme.

Mis en œuvre dans 6 districts des régions Anosy et Androy depuis 2016, Fiavota est prévu s'achever en 2023. Pour maintenir les résultats positifs obtenus et pour accompagner l'autonomisation des bénéficiaires, une stratégie de sortie a été développée. Celle-ci vise à mettre les acteurs bénéficiaires en relation avec des marchés et des partenaires professionnels. Avec le *« Tsena Be Fiavota »,* les mères-leaders ont pu capitaliser leurs savoirs faire et mettre sur le marché les produits obtenus de FIavota. Elles ont pu se rapprocher et se connecter avec les organismes et services techniques déconcentrés locaux. A l'occasion, ces derniers ont, d'ailleurs, offert des séances de formation sur la santé, l'agriculture et l'élevage et l'éducation des enfants. *« Les séances nous ont permis d'en apprendre davantage. Nous essayerons de partager ces connaissances avec les autres bénéficiaires dans nos villages respectifs »* nous raconte une des mères leaders.

Les mères-leaders ont également reçu des outils agricoles, tels que pelles, matériaux d'irrigation, râteaux, kits système de micro-irrigation, semences, afin de pérenniser le programme et d'atteindre l'autosuffisance alimentaire.



© Jechia Rangitiana / FID

**Baomila**

*Mpisitraka / Bénéficiaire Vatsin'Ankohonana*

*Anoloaka, Vohipeno, Fitovinany*

« Sambatra iaho izao, afaka iaho izao amin'ny fiainako »

*« Aujourd'hui je me sens épanouie, j'ai enfin réussi dans ma vie ».*

Mananotena i Baomila, 08 ny zanany. Hatramin'ny nahafatesan' ny vadiny dia tsy nanana na trano ipetrahana na hanina hohaniny izy mianakavy kely. Tsy afaka nandefa azy valo mianadahy nianatra ihany koa izy ka nisafidy ny hifindra monina hody any amin'ny fianakaviany ao amin'ny kaominina Anoloaka, Distrikan'i Vohipeno, Faritra Fitovinany. Nisitraka ny *Vatsin'Ankohonana* i Baomila nanomboka ny taona 2016 ka afaka nampianatra ny fito tamin'ireo zanany. Kilasy faha 11 ny zokiny indrindra ary any amin'ny garabola ny zandriny indrindra, ny iray kosa nisafidy hanampy ny reniny amin'ny asa fitadiavana. Nivarotra tsihy izy entina hamelomana ireo zanany. Noho ny nisitraka ny tosika fihariana izy rehefa nifarana *Vatsin'ankohonana* dia nanokatra tranom-barotra. Nampivadiany amin'ny varotra tsihy izany ary afaka nanangana ny trano honenany ihany koa izy. *« Efa tafavoaka ny fandaharanasa aho ankehitriny ary faly aho satria efa tafavoaka amin'ny fiainana ihany koa ! »*

Baomila, veuve de 45 ans, mère de 08 enfants, n'avait ni toit pour se réfugier, ni de quoi nourrir ses enfants, et encore moins de quoi payer leur scolarité depuis le décès de son mari. Pendant plus d'un an et demi, ses enfants n'ont pas pu aller à l'école. Elle a ainsi décidé de revenir auprès de sa famille dans la commune d'Anoloaka, District de Vohipeno, Région Fitovinany. Ayant bénéficié du programme *Vatsin'Ankohonana* depuis l'année 2016, elle a pu envoyer 07 de ses enfants à l'école. Le premier est actuellement en classe de première, le dernier en préscolaire si l'un d'entre eux l'aide dans son commerce. Baomila a créé un petit commerce de « tsihy » pour subvenir aux besoins de sa famille. Ayant aussi bénéficié du fonds de soutien à la fin du programme, elle a pu construire sa propre maison et tient aujourd'hui sa propre épicerie tout en poursuivant son commerce de tsihy. *« Je suis, aujourd'hui, sortie du programme et je suis contente car je m'en sors bien dans la vie ! »*

Fanontaniana 3 ho an'i
*3 question à*

# Razafiharisoa Cynthia

*Mpisitraka Vatsin'Ankohonana ary Reny mavitrika ao amin'ny vondrona Fanantenana - Fokontany Ambolofotsy, Kaominina ambonivohitra Vavatenina, Distrika Vavatenina. Faritra Analanjirofo*


© Oni Mihaja / FID

## Ahoana no nahatonga anao ho « Reny Mavitrika » ?

1

Mpisitraka ny *Vatsin'Ankohonana* ihany aho ary efa ela aho no nanana faniriana hitarika olona. Sehatra iray ahafahako mandray andraikitra ny *Vatsin'Ankohonana* ka nanolo-tena ho fidiana ho reny mavitrika teto amin'ny fokontany misy anay aho.

Amin'ny maha reny mavitrika ahy dia manentana sy mitarika ny mpisitraka entiko aho mba hiova toe-tsaina sy ho liam-pivoarana. Izany no nandrisika ahy hilatsaka ho fidiana.

Isaorako ireo mpisitraka namana nahatoky ka nanaiky ahy ho reny mavitrika ao amin'ny vondrona « *Fanantenana* ». Amin'ny ankapobeny, mpisitraka 25 hatramin'ny 30 no mandrafitra ny vondrona izay tarihina reny mavitrika iray.

Misy ny olana sedraina amin'ny maha reny mavitrika satria iray tanàna izahay dia tsy mifampihaino loatra ary misy tena malaina ny mpisitraka sasany. Tsy raisiko ho sakana loatra izany. Amiko ny fananana risi-po sy fahavononana hisedra olana ary fahaiza-miresaka dia tokony hahavaha izay olana izay.

### Qu'est-ce qui a fait de vous une Mère-Leader ?

Je suis une bénéficiaire du *Vatsin'Ankohonana* et je désirais depuis longtemps animer un groupe. Le programme *Vatsin'Ankohonana* m'a donné cette opportunité, alors je me suis portée volontaire pour être élue mère-leader dans notre village.

En tant que mère-leader, on attend de moi que j'inspire et sensibilise les bénéficiaires pour qu'ils adoptent des attitudes positives et soient motivés à progresser dans leur vie. Je remercie les autres bénéficiaires qui m'ont donné confiance et m'ont acceptée comme mère-leader dans le groupe « Fanantenana ». Une mère-leader anime un groupe de 25 à 30 bénéficiaires.

Nous, mères leaders, rencontrons divers problèmes comme le manque de considération de certains bénéficiaires du fait que nous habitons le même village. Mais pour moi, quelques gouttes d'enthousiasme et de volonté avec des compétences en communication sont essentielles pour faire face aux difficultés et les résoudre efficacement.

## Ahoana ny fomba fanatanterahanao ny andraikitrao amin'ny maha reny mavitrika ?

2

Ny reny mavitrika dia modely eo amin'ny fiarahamonina, manetsiketsika sy manentana ny vondrona tarihina mba hazoto hamonjy ny Sehatra Mahasoa.

Ny Sehatra Mahasoa dia fotoana hifampizarana sy hianarana ireo hetsika fampivoarana (fanjariantsakafo, fahasalamana, fahadiovana, fampivoarana ny zaza madinika, fampiatiana ara-bola, fampiatiana ara-pamokarana,...). Izahay reny mavitrika no mitarika sy manentana ny fivoriana ary miezaka mampita ny fahalalana azonay mba hanatsaran'ny mpisitraka ny fiainan'ny ankohonany.

Manao ny vangivangy arahina dinidinika ihany koa

aho ho an'ireo malaina mamonjy ny fihaonana eny amin'ny sehatra mahasoa, manamafy ny famporisihana hampihatra ny fiofanana azo. Manetsiketsika ny vondrona ihany koa aho amin'ny fampiharana ara-teknika ny fambolena sy ny fiompiana iarahana amin'ny tantsaha mpampita.
Tena mazoto aho manatanteraka ny andraikitro amin'ny maha reny mavitrika ahy. Mahafaly ahy ny mahatsapa hoe misy anjara biriky avy aty amiko no mahatonga ny mpisitraka liana mampihatra ny fiofanana ho amin'ny fivoaram-piainana.

## Comment remplissez-vous votre rôle de mère-leader ?

Être mère-leader c'est rester un modèle dans la communauté, mobiliser et motiver le groupe à assister et à participer aux espaces de bien-être. L'Espace de bien-être est une séance d'échange et d'apprentissage sur différentes thématiques de développement (nutrition, hygiène, développement de la petite enfance, éducation financière, inclusion productive...). Nous, mère-leaders, animons les sessions et faisons en sorte de transmettre les savoirs pour permettre aux bénéficiaires d'améliorer leur qualité de vie.
J'effectue aussi des visites à domicile pour ceux qui sont moins actifs pendant les espaces de bien-être. Cela permet de renforcer leur motivation à appliquer les formations reçues. Je mobilise également le groupe dans l'adoption des techniques de production en collaboration avec les PARE (paysans relais).
Je suis très motivée dans l'accomplissement de mon rôle de mère-leader, cela me rend heureuse de savoir que je contribue au développement de mon village.

3

## Inona no fahalalana azonao hatramin'ny nanombohan'ny *Vatsin'Ankohonana* ?

Mahazo fiofanana avy amin'ny mpitantsoroka izahay reny mavitrika mba hahafahanay mizara sy manentana ary mamporisika ireo mpisitraka namana hanatsara hatrany ny fiainan'ny ankohonana.
Ny fahatokisan-tena sy ny fanetsiketsehana ny mpiara-belona no fahalalana efa azoko amin'ny maha reny mavitrika ahy. Hatramin'ny nahazoako ireo fampiofanana ireo dia tsy mora kivy aho fa manana fahasahiana miatrika olona maro, mahatoky tena, sahy maneho hevitra ary mahavita mandresy lahatra ny iray vondrona amiko hiara-hientana hampihatra ny fiofanana nozaraina.

Amin'ny maha mpisitraka ahy koa dia nahazo fampiofanana mikasika ny teknikam-pamokarana vaovao aho toy ny fanamboarana sy fampiasana ny zezi-pako ary ny fambolena mangahazo sy legioma manaraka teknika mamokatra kokoa.
Vao vetivety izahay no nisitraka ny fandaharanasa *Vatsin'Ankohonana* nefa efa nahazo fahalalana azo hampiharina tsara. Fahalalana izay mampivoatra ny tena sy ny fiarahamonina.

## Quelles connaissances avez-vous acquises depuis les débuts du *Vatsin'Ankohonona* ?

Les Mères-Leaders reçoivent des formations des Accompagnateurs spécialisés afin de pouvoir partager, inspirer et encourager les autres bénéficiaires à améliorer leur bien-être familial.
En tant que mère-leader, j'ai appris à avoir confiance en moi et à mobiliser la communauté. Depuis, je ne me décourage pas facilement ; j'ai la vaillance d'affronter beaucoup de monde ; je suis confiante ; j'ose exprimer mon opinion et je suis capable de convaincre mon groupe à travailler ensemble pour appliquer les formations qui ont été partagées.

En tant que bénéficiaire, j'ai également acquis de nouvelles techniques de production, plus productives, comme la préparation et l'utilisation du basket-compost pour la culture de manioc et de légumes.
Nous ne bénéficions du *Vatsin'Ankohonana* que depuis peu de temps, cependant nous avons déjà obtenu de connaissances pratiques qui nous permettent d'améliorer notre foyer ainsi que la vie communautaire.



# Ireo antony tsy mampandroso ny kontinanta afrikana

*Efa an-taonany maro no nandinihan'ireo manam-pahaizana izay heverina anton'ny tsy fandrosoana eto afrika, anisan'izany ny :*

**Ny fisian'ny fifanoheran-kery samihafa**

Ny Afrikana iray ao anatin'ny dimy dia miaina anaty firenena misy ady izay tsy mampitombo velively ny hareny.

**Ny fitantanana tsy manjary**

Dimy amin'ireo firenena folo ahitana trangana kolikoly avo indrindra dia afrikana avokoa, araka ny fanasokajiana navoakan'ny "Transparency International". Taorian'ny fahaleovantenany, ny fandanindaniam-poana sy ny tsy fahaiza-mitantana ny fanana iombonana ihany koa dia sokajiana ho isan'ny tsy fanjarian'ny fitantanana

**Ny Fampianarana**

Ankizy afrikana maherin'ny 140 tapitrisa dia tsy mahay mamaky teny sy manoratra avokoa. Ambanin'ny 50 dolara isan-taona ny vola lany amin'ny fampianarana ny ankizy aty amin'ny firenena afrikana mahantra, raha 11.000 dolara kosa any Frantsa na Amerika. Any ambanivohitra aza dia ankizivavy iray ao anatin'ny efatra ihany no afaka misitraka ny fianarana ambaratonga fototra.

**Ny Fahasalamana**

Ny taha-pahavelomana ela indridnra dia tsy maharitra 50 taona amin'ny ankapobeny aty afrika, eo ihany koa ny olona 24,4 tapitrisa izay miaina miaraka amin'ny viriosin'ny sida. Izay mampahantra ny ankohonana voakasik'izany, manary ny fototra maha olona ary manena ny famokarana sy ny sty fahafahana manao tahiry.

# Les raisons du sous-développement du continent africain

Les experts planchent depuis des années pour analyser les sources du retard de l'Afrique en matière de croissance. Parmi elles on trouve :

**La permanence de conflits armés**

Un Africain sur cinq vit dans un pays en proie à de graves conflits qui accaparent une partie de la richesse.

**La mauvaise gouvernance**

Cinq des dix Etats les plus corrompus au monde sont africains, selon le classement établi par l'ONG Transparency International. La mauvaise gouvernance, c'est également les gaspillages de toutes sortes et la mauvaise gestion des rares deniers publics depuis les indépendances.

**L'éducation**

Plus de 140 millions de jeunes Africains sont illettrés. Les dépenses d'éducation dans les pays pauvres en Afrique représentent moins de 50 dollars par an, contre plus de 11.000 dollars en France ou aux Etats-Unis. En milieu rural, une fille sur quatre seulement a une chance d'aller à l'école primaire.

**La santé**

Dans la plupart des pays africains, l'espérance de vie n'atteint pas 50 ans. A travers le continent, plus de 24,4 millions de personnes vivent avec le virus du sida. Ce qui se traduit par un appauvrissement des familles concernées, une perte de capital humain et une baisse de productivité, une ponction dans l'épargne.

*Source : https://www.lesechos.fr/*